## Mazotoa mihira

***Mankalaza ny faha-60 taona nihirany ny mpanakanto Salomon amin'ity volan jolay ity, hisy ny fampisehoana hatao mahakasika izay. Hira hirain'i Salomon no hira atolotra anao androany : Ny Maraina. Koa dia mazotoa mihira ary e!***

### NY MARAINA



Zava-baovao no entin'ny maraina
mifoha indray ny tontolo fa mbola velon'aina
Maro no efa lasa nanalavitra ny akany
Satria tsy maintsy miasa raha mbola eto an-tany

Zovy moa ianao no tsy hifoha maraina
Handramo kely ange ny mitsangana malaina
Ny ambany ny mafy, manàna herin-tsaina
Fitsanganana avy hatrany no finiavana ilaina

Indro ny hazavana avy any an-danitra mirotsaka
Tapitra ny haizina, ny masoandro vao miposaka
Hita miramirana rehefa mety ho zava-boahary
toy ny avy nolokoina, na nadika tamisary

Amin'io fotoana io ny fanahy sy ny saina
Dia miadana finaritra mahatsiaro fa miaina
Aina saro-bidy loatra tsy novidiana fa nomena
Tsy zaraina amin'ny hafa fa natokana ho an'ny tena ...

*Mpihira: Salomon.*
*Mpamorona: Naly Rakotofiringa.*

## TOLOTR'ASA

Orinasa iray mitady mpiasa :

**1) commercial miisa 2,**
**2) Olona mahay informatique sy bureautique miisa 1,**
**3) Comptable miisa 1,**

**Fepetra ho an'ireo olona ho raisina hiasa ireo :**

- **Olona manana certificat de travail,**
- **Manana mari-pahaizana Licence,**
- **Mahay miresaka amin'ny clients tsara,**
- **Mahay teny Frantsay tsara,**
- **Tsara ihany koa raha mahay teny Anglisy (l'anglais serait un atout)**

CONTACT RAPIDE:
032 60 201 10
Nova - Ivato

# 17 juillet 2021





FAMINE

KERE sud MADAGASCAR

MEETING - TONGAVA MARO

15 h St Pierre - La REUNION

GTT La Réunion & Les indignés 974

0692773927